


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fanahin’ny Fananganan-anaka

Efa nandray ny Fanahin’ny maha-zanaka aho, ary amin’ny alalany no iantsoako hoe: “Abba, Ray.”



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

> “Fa izay tarihin’ny Fanahin’Andriamanitra no zanak’Andriamanitra. Fa tsy nandray ny fanahim-pahandevozana [fanandevozana] ho amin’ny tahotra indray hianareo, fa nandray ny fanahin’ny zanaka natsangana, izay iantsoantsika hoe: Aba, Ray ô.” (Romana 8:14–15).

Aba dia teny Aramianina na Hebreo fampiasa matetika ho an’ny “dada”. Ao amin’ny Isiraely, ny zaza kely dia hiantso ny rainy hoe, “Aba”. Ary satria nandray ny Fanahin'ny fananganan'anaka isika, dia manana zo hiantso an'Andriamanitra hoe Aba. Ray. Dada.

Nilaza tamintsika i Paoly fa manana safidy roa isika. Afaka tarihin’ny Fanahin’Andriamanitra isika, na mety ho eo ambanin’ny fanahin’ny fanandevozana. Ny fanahin'ny fanandevozana dia mahatonga antsika hatahotra ny sazy; ny Fanahin’ny fananganan’anaka no mitarika antsika ho zanak’Andriamanitra.

Ny teny Grika nadika hoe zanaka dia midika hoe “zanaka lahy matotra”. Rehefa nateraka indray tamin’ny Fanahin’Andriamanitra ianao, dia lasa zaza. Saingy rehefa tarihina ianao dia lasa zanaka lahy na zanaka vavin'Andriamanitra matotra. Ny lalana mankany amin’ny fahamatorana dia tarihin’ny Fanahy Masina, tsy voafatotry ny fanahin’ny fanandevozana intsony. Araka ny nosoratan’i Paoly ao amin’ny Galatiana 5:18:

> "Fa raha tarihin'ny Fanahy hianareo, dia tsy mba ambanin'ny lalàna."

Mba hahatongavana ho zanaka lahy na zanaka vavin'Andriamanitra matotra, dia tsy maintsy tarihin'ny Fanahy ianao. Tadidio anefa, fa raha tarihin’ny Fanahy Masina, ianao dia tsy ambanin’ny lalàna. Izany no fahafahantsika — tsy fahafahana manao ratsy, fa fahafahana mitia. Ny antony manosika antsika hanao

© 2008 - Dries Du Plessis

fanompoana ho an’i Jesosy dia ny fitiavana, ilay mpanentana mahery indrindra eran-tany. Mandaitra izany rehefa tsy mahomby ny tahotra. Izany no fitondran’Andriamanitra antsika. Izany no mahatonga antsika ho zanaka lahy sy zanaka vavin’Andriamanitra matotra. Izany no vokatry ny fanafahana avy amin'ny lalàna.

Misaotra Anao, Ray ô, fa Zanakao aho. Manambara aho fa tsy voafatotra eo ambanin’ny fanahin’ny fanandevozana intsony aho. Efa nandray ny Fanahin’ny Fananganan’anaka aho. Nandray ny Fanahin’ny maha-zanaka aho, ary amin’ny Alalany, no iantsoako hoe, “Aba, Ray”, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★
Fandikana: WD-B097-260-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

